Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina
Hafa ny teny lazainy, hafa ny zavatra ataony sy hataony

Raha fampiasana teny sy makety dia tompondaka eran-tany izao fitondrana izao, indrindra ny filohan'ny Repoblika Rajoelina. Nandritra ny tetezamita dia nentina nampandry adrisa, ka naverimberin'ny filohan'ny tetezamita ny voambolana "hambompom-pirenena" sy ny "fitiavan-tanindrazana" ary ny "fiandrianam-pirenena". Amin'izao fotoana izao dia ny "fitiavana no lehibe indrindra", ny "velirano" sy ny "firaisankina" ary ny "tany tan-dalàna". Rehefa dinihana anefa ny tranga sy ny nataon'ny fitondrana dia tsy misy azo itarafana ny zavatra nataony na ataony ireo voambolana ireo. Tamin'ny tetezamita dia azo lazaina fa tsy nisy izany "hambompom-pirenena" izany, satria ny olona iray raha manana izany dia tsy mitambitamby na amin'iza na iza ary tsy mitady izay ahazoana zavatra iray na amin'ny fomba ahoana na ahoana. Iaraha- mahatsiaro fa tsy nisy fiaraha-miasa tamin'ireo mpiaramiombon'antoka, indrindra ara-bola, tamin'ny fitondrana tetezamita. Taratry ny tsy fisin'izany "hambom-pirenena" izany dia ny fanerena ireo orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany, Wisco sy Ambatovy, nandoa vola zato tapitrisa ariary isanisany. Teo koa ny famarotana ilay "Air Force One II" tamin'ny vidiny ampahatelon'ny tokony ho izy. Tsy nisy teo amin'ny mpitondra ny tetezamita izany "fitiavan-tanindrazana" izany, satria raha tsy tia ny mpiray firenena ny olona dia sarotra ny hino fa tia ny tany ipetrahany izay tsy afaka haneho izany aminy. Tsy tia ny mpiray firenena taminy anefa ny mpitondra tamin'ny tetezamita, satria nanao sorona aina maro, tsy teny Ambohitsorohitra ihany fa hatreny Tanjombato ary tsy vitan'izany, fa nampandoro sy nampandroba fanafitiavana no lehibe indrindra" tena nampitsiry fanantenana tao am-pon'ny maro io teny io, tsy fanehoana fitiavana ny mpiray firenena anefa no ataon'ny mpitondra ankehitriny, fa fitiavana mitongilana any amin'ireo vahiny ary porofon'izany ireo ady tany etsy sy eroa, kanefa dia ireto farany no arovan'ny mpitondra amin'ny alàlan'ny fandefasana "mpitandro ny filaminana" izay gasy ihany. Tsy fanehoam-pitiavana ihany koa ny tsy fanomezana zon'ireo mpianatra tsy omena ny vatsim-pianarana sy ny tsy fandoavana ny karaman'ny mpiasa, tsy ny eny amin'ny Oniversite ihany, fa hatrany amin'ireo orinasa miankina amin'ny fanjakana koa. Natao "ny velirano" kanefa rehefa velesinao ny rano dia mitsoaka daholo ny hazan-drano ao, ka tsy hahazo na inona na inona izay mikasa hanjono na hanarato ao. Tsy mahagaga raha tsy misy asa mivaingana vita tao anatin'ny roa taona sy tapany nandraisan'izao fitondrana izao ny fahefana. Tsikaritra fa isaky ny mikabary ny filohan'ny Repoblika dia toa mitaky "firaisankina" foana. Tsy mazava intsony raha tsy misy izany firaisankina izany eo anivon'izy samy mpitondra, sy samy mpomba dia atao ny fiantsoana. Raha ny tsapa amin'ny fihetsika sy ny fomba anaovana ny antso dia tsy miantefa amin'ny mpanohitra na amin'ireo fiarahamonim-pirenena, na amin'ireo hery velona samihafa misy eto amin'ny Firenena. Mandrangaranga fa "tany tan-dalàna" i Madagasikara, ka tsy misy olom-pirenena ambonin'ny lalàna izany eto, fa izay mandika lalàna na manao hetsika mifanohitra amin'ny lalàna dia tsy maintsy hampiharina aminy ny lalàna manankery. Iaraha-mahalala sy mahita anefa fa izao fitondrana izao no mpanitsakitsaka lalàna ary tsy mahamenatra azy ireo ny manao toy ny tsy misy na dia ny Lalàmpanorenana aza. Tsy hitady lavitra isika fa porofon'izany dia ny tsy fampiharana ny sata mifehy ny mpanohitra, izay voasoratra mazava tsara tsy azo kosehina ao anaty Lalàmpanorenana. "Kabary zato, teny arivo fa iray ihany no marina", fa ny an'izao fitondrana izao kosa na marina iray aza tsy misy.

Andry Tsiavalona

Fety eny Mahamasina
Mety hampitombo indray ny mararin'ny coronavirus

Raha tsiahivina tamin'ny taona lasa dia teny amin'ny araben'ny fahaleovantena Analakely no nanatanterahana ny fetim-pirenena 26 Jona, sy ny fetin'ny foloalindahy malagasy ary tsy azon'ny besinimaro natrehina, fa narahina fotsiny tamin'ny radio sy ny fahitalavitra. Taorian'izay anefa dia mbola nisy ny tratry ny aretina. Izao indray dia voalaza fa hamory olona eny Mahamasina ny filohampirenena Rajoelina amin'ny matso sy fety samihafa amin'ny datin'ny 26 Jona ho avy izao. Amin'ny hamehana ara-pahasalamana amin'izao 15 andro izao anefa dia voarara ny famoriana olona mihoatra ny 200. Efa fantatra fa tsy ho voahaja ny fepetra amin'ny hamehana ara-pahasalamana toy ny elanelana iray metatra, ny fampiasana ny gel d'insefectant, sns… Manginy fotsiny ny ho fifanosehana eo amin'ireo olona hasaina samihafa. Ahiana indray arak'izany ny hitomboan'ny valanaretina coronavirus aorian'ny fetim-pirenena, satria tsy ho voasakana mihitsy ny olona amin'izany fety izany. Efa nilaza moa ny tompon'andraikitra, fa hamafisina ny fandriampahalemana ary homena lanja ihany koa ny toeran'ny olona nasaina sy ny mpanao gazety. Andrasana arak'izany ny tatitry ny fivoaran'ny valanaretina coronavirus ataon'ny minisitera aorian'io fotoana io, isika rahateo vao miditra amin'ny tena aty ririnina, izay anisan'ny mampirongatra ity valanaretina covid-19 ity.

Rajo

Rinah Rakotomanga
Nandositra na nampandosirina any Frantsa

Fantatra izao fa lasa any Frantsa afak'omaly alina ny talen'ny seraseran'ny fiadidiana ny Repoblika teo aloha, Rinah Rakotomanga. Araka ny fahitan' ny mpanara-baovao izao fandehanany any ivelany izao, dia na nandositra na nampandosirana izy. Andro maromaro tokoa izao no efa niseho tamin'ny gazety sy ny haino amanjery ny raharaha mahakasika azy ao amin'ilay orinasa SMMC any Toamasina, izay mahavoarohirohy azy amina vola an' arivony tapitrisa ariary. Araka ny vaovao voaray, Passeport diplaomatika vao nalaina ny 08 jona 2021 no nampiasainy, nanainga ny 15 jona 2021 tamin'ny 8 ora hiazo an'i Paris CDG, sidina AF935. Araka ny voalaza teo anefa, misy ny afera maloto nataon'ity olona tafaporitsaka ity, toy ny raharaha SMMC, izay tokony hiantsoan'ny BIANCO azy. Ho an'ity Ramatoa ity, mitoetra foana ny fomba fiteny izay hoe : ny soa atao levenam-bola, fa ny ratsy atao noza mihantona. Hihantona maneloelo eo an-dohany eo foana ny ratsy nataony teto izay, nandritra izay 2 taona sy tapany nitondran-dRajoelina izay.

Rinah Rakotomanga, azo lazaina ho nadio ny rano nitany, ny ratsy atao anefa loza mihantona eo foana.

Ny zavatra mampalahelo eto amin'ity Madagasikara ity dia izay lava tanana, na koa akaman'ny mpitondra, na izay eo amin'io fitondrana io dia tsy mba hihàran'izany atao hoe lalàna izany.
Mbola sarotra amin'ity firenena ity ny handroso raha sahala amin'izao foana no mitranga. Ny kely sy ny madinika no azo enjehina sy gadraina, fa ny tompon'ny vola vita mora, mivadika fotsy hatramin' ny mainty. Ny vahoaka Malagasy sempotry ny fahantrana : ny kely ananany aza mbola alaina aminy toy ny ataon'ny TELMA amin'ny fibodona tanin'olona eny Antanandrano.
Ireo mpianatra mitaky ny zony dobohana lakrimôzena, ireo vakoka sy ny maha Malagasy mampiavaka antsika amin'ny firenen-kafa sahin'ity fitondrana Rajoelina ity ny namafa azy, nanova ary tapitra notany fady avokoa ireo toerana masina.
Mila tonga saina noho izany ny maro an'isa, satria ireo manana, manana foana ary ireo mahantra kosa dia mbola hahantra lavitra noho izao, nohon' ny trosa be baben'ny taranaky ny Malagasy ataon' izao fitondrana Rajoelina izao.

Niaina

TONONKALO

MPITONDRA DEDAKA NEFA TSY MAHALOA TROSA !

Ahoana ireo vola tsy misy voaloa ?
Fa ny trosanareo ity toa miakatra foana ?
Tsy izao ve no sarin`ny kitoatoa
Mahazatra ny ekipanareo "mamba noana" ?

Tsy sehatra iray intsony izao no mitaky
Fa maro ireo efa manao fitokonana.
Asio vahaolana tena malaky,
Sao lasa miafara amin`ny fifandonana !

Avia ka jereo , itondray vahaolana
Ireo mpiasa maro mitaky ny zony,
Fa efa mananika ny dimy volana,
No tsy nandray izay karamany intsony.

Ny mpianatra moa tena mihafy dia mihafy.
(Ny vatsim-pianarany , mazàna tara!)
Ny zanakareo nefa izao any Andafy,
Ny vatsy isan-taonany iray miliara !

Ny mpandraharaha , efa maina dia maina.
(Ireo asa, efa vita, ny vola mihitsoka !)
Sendra mpitondra izay te hoderaina,
Kanefa azo ambara fa tsy misy hafitsoka !

…Tsotra ny teny izay tiana hampitaina,
Ho anareo ry mpitondra tsy mahefa trosa.
Mialà, mipetraha , dia meteza haka saina,
Fa tena efa be ireo no sady miavosa.

Ny akoho tsy naneno roa taona sy tapany,
Angamba efa maimbo , efa ho lanin`ny kary.
K`aleo dia halevina rehefa tsy tsapany,
Sao dia ho poizina tena hankarary !

TSIMIMALO (15-06-21)